

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

EDITORIAL

Chères lectrices, chers lecteurs,

Nous sommes ravis de vous proposer ce 16^e numéro du journal La Voix des (rizi) pisciculteurs.

Dans la rubrique « Interview », nous avons l'honneur de vous présenter le témoignage de la Directrice des Pêches de Vakinankaratra. Elle nous parle de la création du nouveau Ministère de la Pêche, des différents changements au sein de son service et de l'actualité piscicole en général.

En rizipisciculture, nous sommes en pleine période de grossissement de contre saison : toutes les récoltes de riz sont terminées et certains producteurs choisissent de conserver les poissons dans les parcelles. D'autres ont choisi en revanche de récolter tous leurs poissons pour les vendre ou les consommer à l'occasion de la fête nationale. Ils témoignent dans ce journal.

L'actualité de l'APDRA a été riche en événements ce trimestre: démarrage des activités en Itasy dans le cadre de la Coopération Aquitaine, recrutement de nouveaux agents et de stagiaires, participation à la journée mondiale de la biodiversité et à différentes manifestations sur les Hauts Plateaux et sur la Côte Est.

Enfin, nous rappelons aux producteurs qui souhaitent produire des alevins de carpes à partir du mois d'août, qu'il faut séparer dès maintenant les mâles et les femelles. Vous trouverez, à la fin de ce numéro, une fiche technique sur la sélection des géniteurs.

Bonne lecture,
Ny ekipa LVRP

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly miarahaba antsika mpamaky ny gazety Ny Feon'ny Mpiompy Trondro. Vahinintsika amin'izao laharana faha-16 izao ny Talem-paritry ny jono eto Vakinankaratra Milaza amintsika izy ny rafitra vaovao misy eo amin'ny Ministera sy ny fanentanana amin'ny fiompiana trondro amin'ny ankapobeny.

Ao anatin'ny fotoanan'ny fanatavizana karpa miavotra isika izao, izany hoe ny fanohizana ny fiompiana trondro hatramin'ny volana aogositra. Misy kosa anefa ny efa namarana ny taom-pamokarana ka nioty ny vokatry talohan'ny fetim-pirenena.

Hotaterina ato koa ny hetsika nifandimby nandritra iny telo volana iny. Tao ohatra ny fisokafan'ny biraon'ny APDRA ao Itasy noho ny fiaraha-miasa amin'ny Faritra Aquitaine, ny fandraisana mpiasa sy mpianatra asa ary ny fandraisana anjara tamin'ireo foara sy hetsika isan-karazany ao Atsinanana sy ny ilany andrefan'i Vakinankaratra.

Ho anareo izay hampiteraka karpa, tsy adino moa ny torolàlana teknika madinidinika ka ho hitanao any amin'ny faran'ny pejy ny fisy teknika momba ny fisafidianana renin-trondro sy lahin-trondro hoampiterahina manomboka ny volana aogositra.

Mazotoa àry mamaky,
Ny ekipa LVRP.

SOMMAIRE :

- **INTERVIEW :** P. 2
Avec la Directrice des Pêches de la Région Vakinankaratra
- **PARTAGE :** P. 3
- Elevage de carassin doré
- **COMPRENDRE, ANTICIPEZ :**
- Phénomène de vol P. 5
- **PARTENARIAT :** P. 9
- Evénements sur Atsinanana
- **COURRIER DES LECTEURS**
- Elevage de carassin doré P.10
- **TEMOIGNAGE :** P. 11
- Le poisson: nourriture et revenu supplémentaire
- **FICHE TECHNIQUE :** P. 12
Sélection des géniteurs

Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
tantsaha



APDRA

Antenne Madagascar
La Résidence sociale
110 Antsirabe
MADAGASCAR

Tel : (261) (20)44 915 85

Courriel :

apdrameda@moov.mg



NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana
(Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona Tsirihaina

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

Sary (Photos) :
APDRA antenne Madagascar

Kisarisy (Illustration) :
Razafindrakoto Christian

Fanitsiana sy dika teny
(Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar

LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet
BVPI/SEHP



Région
Aquitaine



La Fondation
Air Liquide



Région Basse
Normandie



UNACAF

La Fondation
AnBer



Niandraikitra ny sampandrarahan'ny Jono eto Vakinankaratra nandritra ny 10 taona, ary izao tonga talen'ny Fari-piadian'ny Jono izao i Ramatoa Marcelle RAHARIVÉLO. Nanaiky ny hitafa amin'ny gazety momba ny sehatry ny fiompiana trondro izy ka hilaza amintsika ny zava-misy ankehitriny sy ny vinan'izy ireo ato ho ato ary ny hetahetany.

LVRP: Misy rafitra vaovao eo anivon'ny Ministera. Azonao hazavaina aminay ve ny momba izany?

R. M.: Raha tsiahivina kely dia nikambana tamin'ny MAEP na Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono tao amin'ny Sampan-draharaha izahay teo aloha. Rehefa nitokana ny Ministeran'ny Jono, tamin'ity taona ity, dia teraka niaraka tamin'izay koa ny fari-piadian'ny Jono na ny "Direction Régionale" raha teo aloha "Service Régionale" no nisy. Raha ny olona miasa eo anivon'ny Direction indray dia niampy telo izahay. Miha-maroko sy midadasika noho izany ny asa sahanina hatreo Mandoto ka hatrany Behenjy amin'ny Distrika 6 ka nanatevin-daharana anay eto Antsirabe ny avy ao Ambatolampy (iray) sy Antanifotsy. Tsy misahana afa tsy ny jono sy ny fiompiana trondro izahay ankehitriny. Mitokana ny fitantanam-bola. Faly sahirana ihany izahay satria tsy manana mpiasa mikirakira ny fandraharana fa teknisiana daholo. Sakana eo amin'ny asa koa anefa ny tsy fanananay fiara natao ho an'ny lalan-dratsy izay mazàna any no tena misy ny fiompiana trondro. Tsy azo tsinotsinoavina rahateo ny asa vitan'ny moto na dia voafetra aza kanefa dia iray monja no eo am-pelatanana.

LVRP: Raha ny fiompiana trondro sy ny famokarana zana-trondro no resahina, manahoana ny fipetrany sy ny endri-piaraha-miasa?


Misy ireo mpamokatra zana-trondro 73 mati-hanina efa niara-niasa taminay efa am-polotaonany. Ao moa ireo vaovao niditra taty aoriana. Raha tsinjaraina izy ireo dia ho an'Antsirabe I sy II: 14- Ambatolampy: 11- Faratsiho: 15- Betafo: 11- Mandoto: 12 ary Antanifotsy: 10. Azo lazaina fa nihena ny isany satria talohan'ny nikambanana tao amin'ny MAEP, tao amin'ny DRDR izahay dia nahatratra 80 mahery izy ireo. Anisan'ny anton'ny fihe-nana moa ny tsy nahafahana nanara-maso azy ireo sy noho ny sampona na fahavoazana teo amin'ny tobim-piompiana. Ao ny fanentanana in-droa isan-taona amin'ny alalan'ny fivoriam-be. Zava-dehibe koa anefa ny fifana-kalozana traikefa eo amin'ny samy mpiompy.

LVRP: Aminao, mbola hisy ve ny fandraisana mpamokatra zana-trondro vaovao ao amin'ny fikambanana ? Ary inona no antony?

R. M.: Ny fanjakana tsy manakana velively na iza na iza te ho tohanana. Vao maika tsara raha misy mpamokatra zana-trondro te-hiditra ho mpikambana. Kanefa mila mamonjy fivoriana rehefa antsoina, mila manome antontan'isa rehefa ilaina, mety hifanakalo renin-trondro koa indrindra ho an'ireo izay mifanalavitra, na hifamarotra zana-trondro na hifampizara traikefa sy vaovao. Anisan'ny tombotsoan'izy ireo ny fampiofanana maimaim-poana efa nataonay eo amin'ny fisafidianana renin-trondro, ny valan-jezika, ny famongorana ny foza orana, ny fanampiana ireo mpamokatra handray an-tsoratra ny fiompiany ary ny fampitahana ny vokatra azo amin'ny fampiasana talatalana piassava sy redretra. Misy ny tetiandro efa napetraka hanaovana ny fivoriana isam-paritra sy handraisana ireo vaovao. Jereo ny pejy faha-.....

LVRP: Ny vina ato ho ato?

R.M.: Hampiroborobo hatrany ny fiompiana trondro amin'ny ankapobeny no tanjona amin'ny alalan'ny fampahafatarana ny maha-zava-dehibe ity fiompiana ity fa tsy atao ho ambanin-javatra. Satria mbola maro ireo tantsaha no tsy manao ny fiompiana trondro ho laharam-pahamehana fa mametraka azy aorian'ny vary, legioma ary ny omby sy ny kisoa amam-borona. Hetsika karakaraina manomboka amin'ny volana septambra noho izany ny fampiofanana izay ataon'ireo mpamokatra zana-trondro rehetra ho an'ireo olona hividy zana-trondro, ka amin'izay dia ampian'ny DRP izy. Azo raisina ohatra ny mpamokatra trondro ao Sahaniotry hanentana ny ao Manandona hiaraka amin'ny Direction eto Vakinankaratra eo amin'ny fanatavizana ary hanao dokam-barotra amin'ny famarotana ny zana-trondrony. Ny tanjona koa dia ny hampihena ireo tsy ara-dalàna mba ho aradalaña satria niisa 400 ny mpamokatra zana-trondro tsy ara-dalàna teto Vakinankaratra ny taona 2000 ary maro amin'izy ireo no tsy manara-penitra. Eto am-pamaranana, misy ny mpiompy trondro tena resy lahatra sy manao ho anto-pivelomana ny fiompiana trondro. Be ny tantsaha manan-karena noho ny fiompiana trondro. Indrisy anefa fa tsy vitsy koa no velom-pialonana ka manao ankaso mahita ny famarotana zana-trondro sy ny trondro lehibe miroborobo. Ny vaha-olana atoro azy ireo aloha hatreto dia ny fahaizana miara-miaina amin'ny manodidina sy ny fifampizarana traikefa. Raha izay no tanteraka, mba hahazo zana-trondro daholo izay te-hiomy !



Cela fait dix ans que Mme Marcelle RAHARIVÉLO est responsable du Service des Pêches dans la région Vakinankaratra. Suite à la réorganisation des services techniques déconcentrés, elle est maintenant à la tête de la Direction Régionale des Pêches (DRP). Elle nous accorde cette interview pour nous informer de l'actualité de la filière poisson et ses perspectives.

LVRP : Une restructuration a eu lieu au sein de l'ancien Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche (MAEP), pouvez vous nous apporter de plus amples explications ?

RM : Si l'on se réfère un peu à l'historique, l'Agriculture, l'Elevage et la Pêche constituaient en effet un seul et unique Ministère : le MAEP. Cette année, le Ministère de la Pêche a été créé et ce domaine est devenu indépendant des deux autres. Dès lors, les « Directions Régionales des Pêches » (DRP) remplacent les « Services Régionaux de la Pêche et des Ressources Halieutiques » (SRPRH). Sur le plan des ressources humaines, nous bénéficions de trois agents supplémentaires sur Antsirabe, ce qui se traduit par l'élargissement de notre engagement et du

nombre de bénéficiaires. La répartition des agents sur le terrain a été modifiée. A présent, notre intervention se concentre exclusivement sur la production halieutique et nous sommes indépendants sur le plan budgétaire. Évidemment, cela peut être perçu comme un avantage. Le souci, c'est que nous sommes avant tout des techniciens et qu'il n'existe pas de poste de gestionnaire. Sur le plan logistique, un véhicule tout terrain est nécessaire pour assurer avec plus d'efficacité notre mission. Le manque de moto est également un facteur limitant.

LVRP : A propos de la production d'alevins, combien de producteurs collaborent avec la DRP du Vakinankaratra ? Pouvez-vous nous décrire cette collaboration ?

RM : 73 producteurs privés d'alevins (PPA) ont collaboré avec nous durant ces dix dernières années.

Avec l'apparition de nouveaux producteurs, certains ont pris un peu de recul pour diverses raisons. Leur répartition est à peu près celle-ci : pour Antsirabe I et II: 14 producteurs, Ambatolampy: 11, Faratsiho: 15, Betafo : 11, Mandoto : 12, et Antanifotsy: 10. Une baisse d'effectifs est constatée car ce nombre dépassait autrefois les 80 PPA. Les accidents de production et l'irrégularité du suivi figurent parmi les causes de cette baisse. Deux réunions de sensibilisation se tiennent annuellement afin d'informer les PPA dans différents domaines. Par exemple les possibilités d'élevage de la crevette d'eau douce « Macrobrachium » et de la truite, l'élevage de vers de terre pour l'alimentation des poissons... La DRP propose également des diagnostics gratuits pour améliorer les systèmes d'élevage. Nous privilégions également les échanges horizontaux, entre producteurs.

LVRP : Pensez-vous intégrer de nouveaux producteurs d'alevins dans cette stratégie ?

RM : L'Etat adopte une politique d'ouverture favorisant les échanges. Alors, il est parfaitement souhaitable que d'autres producteurs se rapprochent de la DRP. Cependant, ils doivent assister aux différentes réunions et faciliter la récolte des données statistiques et accepter de collaborer avec les autres producteurs. En contre partie, ils bénéficieront de plusieurs avantages sur le plan des formations. Des réunions d'information se tiendront prochainement dans les districts : Toute l'information est disponible auprès du bureau de la DRP à Antsirabe.

LVRP : Quelles sont les grandes orientations que vous souhaitez prendre à l'avenir ?

RM : Notre objectif est de consolider la filière piscicole. Elle est trop souvent considérée par la plupart des acteurs du monde rural, comme une activité secondaire par rapport aux productions telles que l'aviculture, le maraîchage ou l'élevage de ruminants. La DRP souhaite appuyer à partir de septembre les producteurs d'alevins pour qu'ils forment eux même les grossisseurs. Cela devrait également améliorer les débouchés pour la vente des alevins.

Il existait environs 400 producteurs informels en 2000. Nous souhaitons procéder progressivement à leur régularisation administrative. Nous souhaitons également vulgariser l'élevage de la crevette d'eau douce dans les zones chaudes de l'Ouest de la Région. De même pour l'élevage de la truite dans les zones froides où l'eau est disponible comme Ambatolampy, Faratsiho et Ambohibary. Enfin, nous allons poursuivre notre travail de sensibilisation pour que les riziculteurs deviennent des « rizipisciculteurs ».

En conclusion, nous voulons réaffirmer que la pisciculture est une activité génératrice de revenus qui est appréciée par un grand nombre de producteurs. Ce succès n'est plus à démontrer. Toutefois, les phénomènes de vol et de vandalisme viennent perturber son développement. Nous voulons dire aux producteurs que le partage, la solidarité et l'échange sont des valeurs fondamentales dans le monde rural malgache. Grâce à cela, les alevins seront accessibles pour tous !

FIKAROHANA AMIN'NY FOTOANAN'NY VOLY AVOTRA - 2010

Mpiompy trondro enina ao Betafo no nandray anjara nanomboka ny volana aprily tamin'ny fikarohana momba ny fiompiana trondro amin'ny fotoanan'ny voly avotra.

Ny tanjon'ny fikarohana

Manomboka ny fiantraikan'ny fametrahana fakofako sy fanamasahana ao anaty dobo fierena eo amin'ny vokatra karpa an-tanimbary mandritra ny fotoanan'ny voly avotra.

Ny fomba narahina

Fomba fiompy efatra no nampitahaina amin'ny tanimbary samy mirefy roa ara :

- ❶ tanimbary tsy misy dobo fierena sady tsy nitondrana fanamasahana, atao hoe tanimbary vavolombelona
- ❷ tanimbary nasiana zezika eo amin'ny 1 sobika/ara isan-kerinandro
- ❸ tanimbary misy dobo fierena roa feno fakofako.
- ❹ tanimbary sady misy fakofako no nitondrana fanamasahana.

Mpiompy trondro 6 no mampihatra avy fomba roa amin'ny tanimbary roa mifanakaiky.

Atao ny fampitahana ny fomba tsirairay nampiharina tamin'ny tanimbary

Zana-trondro 30/ara no napetraka tao amin'ny tanimbary tsirairay.

Ny faharetan'ny fikarohana

Manomboka ny volana aprily ka mifarana ny volana jiona 2010.

Ny valin'ny fikarohana dia ho hitanao ao amin'ny laharana manaraka.

EXPÉRIMENTATIONS DE CONTRE SAISON 2010

Six pisciculteurs de Betafo participent depuis le début du mois d'avril à des expérimentations concernant la période d'élevage de contre saison.

L'objectif de l'expérimentation

Evaluer l'effet de la mise en place d'un trou refuge recouvert de branchages ainsi que l'effet d'un apport de fertilisants sur les rendements de carpe en rizière durant la période de contre saison.

Le principe de l'expérimentation

Quatre systèmes sont comparés :

- ❶ un système sans apports ni aménagements, appelé témoin.
- ❷ un système avec un apport de fumier à raison de 1 sobika par are et par semaine
- ❸ un système comprenant l'aménagement de deux trous refuges recouverts de branchages pour une surface de 2 ares
- ❹ un système comprenant à la fois un apport de fumier et la mise en place des trous refuges recouverts de branchages

6 pisciculteurs comparent chacun deux systèmes sur deux parcelles proches.


Au total, chacun des système est comparé à un autre au moins une fois, sur des parcelles de caractéristiques identiques.

Une densité de 30 carpillons par are est appliquée dans toutes les parcelles

La durée de l'expérimentation

L'expérimentation s'étale du mois d'Avril au mois de juin 2010.

Ne loupez pas les résultats de cette expérimentation dans le prochain numéro.



VAKINANKARATRA

**TSY MANAKANA NY FIROBOROBOAN'NY
 FAMOKARANA NY FISIAN'NY HALATRA**

Ranaivomanantsoa Jean de Dieu- Mpamokatra

Izaho izay manoratra dia mpiompy trondro an-tanimbary ao amin'ny Fokontany sy Kaominina Antsoso. Efa voalazako tao amin'ny laharana teo aloha fa sambany nampiteraka karpa sy nanatavy. Nahomby ny ezaka natao satria nahazo zana-trondro raha nampiteraka ary afaka nanatavy trondro efa ho zato mahery.

Nahita voka-tsoa tokoa izahay saingy ny indro kely anefa dia tsy hilaozam-pahavalo ny fiainana. Nisy ireo mpisompatra ny vokatra. Hasomparana satria notapahiny ny fil (tady) nampifandray ny sonnerie no sady novakiany avy any ivelany ny vadirano. Ny fahitanay azy anefa dia tsy sahy niroboka mihitsy tao an-tanimbary izy. Tsy maintsy hipoitra anefa ny marina.

Tsy nisalasala izahay nilaza ny zava-misy tamin'ireo mpitantana ny tetikasa fiompiana trondro ety an-toerana dia ny teknisiana tao amin'ny APDRA sy ny BVPI SE/HP ka nijery anay taty ifotony mihintsy sy nifandinika ny tokony ho atao.

Koa eto izahay dia manentana antsika mpiompy trondro sy ny kotro-kery rehetra hiaraka hanafongotra ny ratsy fa na tsy hahasakana ny famokarana aza ny fisiany dia mahomby kokoa ny mamokatra amin'ny tany tan-dalàna sy feno fahatokisana eo amin'ny vokatra ho azo.

Toro-hevitra ialana tsikelikely amin'ny halatra trondro araka ny soso-kevitra ny mpamokatra, ny mpiara-miasa ao amin'ny BVPI SE/HP, ny teknisiana ary ny tompon'andrainkim-panjakana no raiketintsika eto an-tsary.

Ankoatra ireo dia antoky ny fandriam-pahalemana ny fandraisana ny anjara andraikitra ny tsirairay isan'ambaratongam-panjakana eo amin'ny fampiharana ny lalàna.

VAKINANKARATRA

**LE PHÉNOMÈNE DE VOL DE POISSON NE DOIT PAS
 EMPÊCHER LE DÉVELOPPEMENT DE LA
 PISCICULTURE**

Ranaivomanantsoa Jean de Dieu- Producteur


Je suis pisciculteur de la Commune d'Antsoso, au Nord de Be-tafo. 2009 a été ma première année d'expérience en matière de production d'alevins mais aussi de grossissement. Je suis satisfait de ma production. En effet j'ai pu obtenir des alevins en n'utilisant qu'un seul géniteur femelle, mais j'ai également pu les faire grossir et obtenir une centaine de poissons.

Cette production aurait pu être plus importante, mais nous avons été victime d'un acte de sabotage. Les voleurs ont cassé une partie de la diguette pour vidanger notre parcelle et récolter une partie de nos poissons. Ils ont pris soin de les récolter au niveau de la sortie d'eau, nous n'avons en effet, pas trouvé de traces de leur entrée dans la rizière. Nous espérons cependant découvrir rapidement l'auteur de cet acte.

Nous n'avons pas hésité à dénoncer ce problème aux techniciens de l'APDRA et de BVPI SE/HP qui interviennent sur la pisciculture dans notre commune. Nous nous sommes concertés sur les précautions à prendre pour éviter ces actes de sabotage. Nous invitons tous les pisciculteurs et tous les acteurs concernés à lutter contre le vol.

Nous vous transmettons dans ce dessin quelques conseils de lutte contre le vol de poissons après concertation entre les autorités administratives locales, les producteurs, les collaborateurs de BVPI SE/HP et les techniciens animaux.

La prise de responsabilité des autorités administratives compétentes est capitale dans l'application effective de la loi.



VAKINANKARATRA

**Namaly ny hetahetan'ny mpikambana
 ny asa vitan'ny Kaoperativa**

Ho tohin'ny resadresaka nifanaovana tamin'Andriamatoa Henri RAKOTOSON, Filohan'ny Kaoperativa FIFIMPAVA dia hotaterina amintsika eto ny asa vitan'ny kaoperativa nandritra izay roa taona voalohany nisiany izay. Alefa an-gazety izany mba ahafahan'ny vondrona tantsaha hafa maka hevitra amin'ny fampivoarana ny sehatra misy azy.

• Taona 2008: Fanaovana ny famindram-pitantanana tamin'ny VOI, ireo farihy izay misy azy (vita contrat amin'ny kaomina sy ny fanjakana tamin'ny alalan'ny ministèra)- Farihy telo vaovao : Andranobe Andrefana, Tatamarina, betafo, Andraikiba kely. Fanavaozana ny fifanarahana no natao tamin'Andranobe Atsinanana.

• Fampiofanana ny mpikambana: Fahai-za-mitantana tetik'asa, fahaizana mitantana kaoperativa, Guide local, fampanatodizana trondro, famokarana zana-trondro, fiompiana trondro, fiofanana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, fanaovana fanadihadiana ny lalam-pihariana trondro (Antsirabe- Miandrivazo- Antananarivo), haivarotra na marketing.

• Fifanakalozana traikefa: Tao Itasy (fiompiana trondro an-dobo, an-tanim-bary , en cage), tao Ambalavao-Fianarantsoa "Anja Parc" (Fizahan-tany), tao Ambanja Antsiranana "ADAPS" (fitantanana vovonana sy ny varotra ataon'ny kaoperativa, tao Ambositra sy Miandrivazo (Varotra sy kaoperativa).

• Momba ny atrik'asa:
 - Fampihaonana ny mpisehatry ny fizahan-tany izay natao tao amin'ny DRDR
 - Fikaonan-doha mikasika ny loza manambana ny fahatotofan'ny farihy eto Vakinankaratra sy ny fiarovana tokony ho atao

- Fametrahana paik'ady momba ny famarotana sy ny fiaraha-miasan'ny mpi-sehatra trondro ao amin'ny faritra Betafo

• Momba ny varotra
 - Fandraisana ny trondro entin'ny mpikambana amidy eny amin'ny toeram-pivarotana trondro natsangana tao Andranomadio sy Mahazoarivo Atsimo ary Betafo. Ny birao moa dia ao Mahazoarivo Atsimo ihany koa.

• Lafiny teknika: Fanajariana dobo famokarana zana-trondro sy dobo fitehirizana.

• Lafiny ara-tsosialy: Fiahiana manokana ny marefo sy ny sahirana ao amin'ny kaoperativa , ny fametrahana ny fitondrana tsara tantana eo anivon'ny kaoperativa, ny fanomezan-danja ny mira lenta, ady amin'ny SIDA sy fampivelarana ny fiaraha-miombon'antoka.

VAKINANKARATRA

FIFIMPAVA : une coopérative en plein essor

Suite à l'interview de M. Rakotoson Henri, Président de la Coopérative FIFIMPAVA, dans le précédent journal, voici un bilan des activités réalisées par la Coopérative depuis deux ans. Ces activités ont été validées au cours de l'Assemblée Générale qui s'est tenue le 30 mars 2010. Espérons que ces activités donneront des idées aux autres groupements de producteurs.



• Réalisation du transfert officiel de gestion des lacs, avec l'implication des Communes et du ministère des Eaux et Forêts. Il s'agit des lacs Andranobe Andrefana, Tatamarina, Betafo, Andraikiba kely. Le contrat de gestion du lac Andranobe Atsinanana a été renouvelé. Demande de collaboration avec les acteurs du secteur touristique sur la mise en valeur des lacs.

• Formation des membres: Gestion de projet, gestion d'une coopérative, Guide local, Reproduction des poissons, production d'alevins, renforcement de capacité, réalisation d'une étude de marché de la filière poisson (Antsirabe- Miandrivazo- Antananarivo), marketing.

• Echanges d'expériences: Avec l'Itasy pour pisciculture en étang, en rizièrre et en cage, avec Ambalavao-Fianarantsoa et "Anja Parc" sur l'EcoTourisme, avec Ambanja Diégo et l'Association "ADAPS-AFDI", avec Ambositra et Miandrivazo sur la commercialisation et la vie associative.

• Ouverture d'un point de vente de poisson à Andranomadio, Mahazoarivo et Betafo (le bureau de la coopérative se trouve à Mahazoarivo). Structuration de la filière dans la zone de Betafo.

• Aide sociale au sein de la Coopérative pour les ménages les plus vulnérables, approche genre et lutte contre le VIH / SIDA.



Pesée de poisson au deuxième point de vente de la coopérative - Mahazoarivo sud

ITASY

Misokatra ny biraon'ny APDRA ao Itasy

Ekipa APDRA



Mivelatra hatrany ny toerana hiasan'ny APDRA. Araky ny efa natsidika tao amin'ny gazety farany teo dia efa manomboka ny asa ao amin'ny Faritr'Itasy ao anatin'ny fiarahamiasa Aquitaine. Noho ny tohana ara-bolan'izy ireo dia misy tompon'andraikitra afaka mandray anao ao Marinarivo. Miaraka amin'ny Fari-piadian'ny Jono (DRP) ao Itasy, amin'ny Ambohimasina iny no misy ny birao. Isaorana lehibe ny DRDR ao Itasy noho ny fanomezana izany toerana izany satria ny fanakaikazana ny DRP dia manamora ny fiarahamiasa amin'izy ireo.

Tahaka ny ao Vakinankaratra, Matsiatra Ambony ary Atsinanana dia mifantoka amin'ny fiompiana karpa an-dobo sy an-tanimbary ny asa. Ny fanofanana sy ny toro-hevitra dia manaraka ny paikady efa napetrak'ireo mpisehatra amin'ny trondro niaraka tamin'ny tetikasa PROSPERER (fanohanana ireo mpamokatra zana-trondro). Ankoatra izany, hanome fanofanana momba ny fanatavizana karpa an-tanimbary sy an-dobo ny APDRA arahina toro-hevitra mandavan-taona ho an'ireo tantsaha tohanan'ny ONG AGRISUD izay mpiaramiasa amin'ny Fiaraha-miasa Aquitaine. Ho hita miandalana ny hamaroan'ny zana-trondro vokatr'Itasy.

Hisy fikarohana mikasika ny fiompiana tilapia an-dobo, indrindra eo amin'ny fanavahana ny lahy sy ny vavy sy ny fifehezana ny isany eo amin'ny fampiasana trondro mpanivana. Farany, hisy ihany koa ny fikarohana momba ny karan-tondro zana-tanin'Itasy mba ahafahana mametraka toromarika hiarovana azy sy mampahafantatra ny manodidina sy ny mpizaha tany ny maha-sarobidy ireo trondro ireo.

Koa misokatra ho antsika ny varavaran'ny APDRA ao Itasy.

ITASY


Démarrage des activités de l'APDRA en Itasy

L'équipe APDRA

Les zones d'interventions de l'APDRA s'agrandissent. Comme indiqué dans notre numéro précédent, l'APDRA démarre de nouvelles activités en Région Itasy dans le cadre de la Coopération Aquitaine. Grâce à ce financement, l'APDRA dispose à présent d'un technicien permanent basé à Marinarivo. Le bureau se trouve dans les mêmes locaux que la Direction Régionale de la Pêche, dans le quartier Ambohimasina (près de la prison). Nous remercions la Direction Régionale du Développement Rural d'Itasy pour la mise à disposition de ce local. La proximité avec la DRP va favoriser la collaboration quotidienne dans la mise en œuvre des activités. Comme pour le Vakinankaratra, la Haute Matsiatra et Atsinanana, les activités de l'APDRA en Itasy concerneront principalement l'élevage de la carpe en étang et en rizière. Les activités de formation et d'appui conseil

s'intégreront dans la stratégie mise en place par les acteurs de la filière dans le cadre du projet PROSPERER. (Appui aux producteurs d'alevins).

Parallèlement à cela, l'APDRA organisera des formations sur le grossissement (en étang et en rizière) et proposera un appui conseil régulier auprès des paysans encadrés par l'ONG AGRISUD, autre partenaire de la coopération Aquitaine. Les différentes possibilités d'accès aux alevins seront évaluées. Des expérimentations concerneront également l'élevage de tilapia en étang, notamment sur le sexage manuel et la régulation de la population de tilapia par l'utilisation d'un prédateur. Enfin une étude sur les espèces de poissons endémiques de la Région Itasy permettra de dresser un bilan de leur état de conservation et de sensibiliser les acteurs locaux et les nombreux touristes aux risques de disparition de ce patrimoine. La porte du bureau de l'APDRA à Marinarivo vous reste grande ouverte.



1 - LES POISSONS ENDÉMIQUES DE LA RÉGION AT SINANANA

PANGALANES - MADAGASCAR



MONITOR ET BIENVENUE
SUR LE CANAL DES PANGALANES.

Le canal des Pangalanes est un lieu de vie pour de nombreux poissons endémiques. C'est pourquoi il est important de les connaître et de les protéger.



FONY

FAMILLE : CICHLIDAE
GENRE : PARATILAPIA
ESPÈCE : PARATILAPIA SP.
NOM VERNACULAIRE : FONY

STATUT UICN : **VU** (VULNÉRABLE)

DESCRIPTION : Le genre PARATILAPIA est endémique de Madagascar et c'est certainement l'un des poissons malgaches les plus colorés chez les aquariophiles du monde entier. Son corps est noir ou bleu très sombre, parsemé de points blancs ou parfois bleus. Les FONY sont très caractéristiques et ne peuvent être confondus avec aucun autre poisson. La taille de ses points blancs varie en fonction de l'origine géographique qui suppose souvent des espèces distinctes. Celle qui se trouve dans le canal des Pangalanes est une espèce à petit point qui occupe les eaux douces de la côte est. Il fraie de novembre à mars.

ETAT DES LIEUX : Le genre PARATILAPIA est endémique de Madagascar et c'est certainement l'un des poissons malgaches les plus colorés chez les aquariophiles du monde entier. Son corps est noir ou bleu très sombre, parsemé de points blancs ou parfois bleus. Les FONY sont très caractéristiques et ne peuvent être confondus avec aucun autre poisson. La taille de ses points blancs varie en fonction de l'origine géographique qui suppose souvent des espèces distinctes. Celle qui se trouve dans le canal des Pangalanes est une espèce à petit point qui occupe les eaux douces de la côte est. Il fraie de novembre à mars.



ZONO

FAMILLE : REDOTIIDAE
GENRE : REDOTIA
ESPÈCE : REDOTIA MADAGASCARIENSIS
NOM VERNACULAIRE : ZONO

STATUT UICN : **VU** (VULNÉRABLE)

DESCRIPTION : Comme les PARATILAPIA, le genre REDOTIA est endémique de Madagascar. Il présente également de nombreuses espèces différentes. Le ZONO habite les fleuves du versant oriental de l'Ivohy et dans les petits ruisseaux qui se jettent dans les lacs côtiers du "système des Pangalanes" où il est présent jusqu'à une altitude de 30 m au-dessus du niveau de la mer. Il est aussi un poisson apprécié par les aquariophiles. Le mâle est plus grand et plus coloré que la femelle (souvent plus terne). Il présente un jeu contrasté de rouge, de noir, et de doré. Il mesure dix-huit lignes horizontales sur les flancs. Les ZONO vivent en groupe, près de la surface et se déplacent continuellement.

ETAT DES LIEUX : Le genre REDOTIA est endémique de Madagascar et c'est certainement l'un des poissons malgaches les plus colorés chez les aquariophiles du monde entier. Son corps est noir ou bleu très sombre, parsemé de points blancs ou parfois bleus. Les FONY sont très caractéristiques et ne peuvent être confondus avec aucun autre poisson. La taille de ses points blancs varie en fonction de l'origine géographique qui suppose souvent des espèces distinctes. Celle qui se trouve dans le canal des Pangalanes est une espèce à petit point qui occupe les eaux douces de la côte est. Il fraie de novembre à mars.



SAROY

FAMILLE : CICHLIDAE
GENRE : PITHOCHROMIS
ESPÈCE : PITHOCHROMIS GRANDIERI
NOM VERNACULAIRE : SAROY

STATUT UICN : **LC** (PRÉOCCUPATION MINEURE)

DESCRIPTION : L'aire de répartition du genre PITHOCHROMIS à Madagascar est la deuxième plus importante de l'île après le genre PARATILAPIA. Il présente une grande diversité d'espèces distinctes. Certaines ne sont pas encore décrites. Le PITHOCHROMIS GRANDIERI, rencontré dans le canal des Pangalanes, possède une couleur de base jaunâtre, métallique, sur laquelle se détache une ligne médiane et de longues taches noires bien marquées. La période de fraie se déroule de novembre à mars.

ETAT DES LIEUX : Le genre PITHOCHROMIS est endémique de Madagascar et c'est certainement l'un des poissons malgaches les plus colorés chez les aquariophiles du monde entier. Son corps est noir ou bleu très sombre, parsemé de points blancs ou parfois bleus. Les FONY sont très caractéristiques et ne peuvent être confondus avec aucun autre poisson. La taille de ses points blancs varie en fonction de l'origine géographique qui suppose souvent des espèces distinctes. Celle qui se trouve dans le canal des Pangalanes est une espèce à petit point qui occupe les eaux douces de la côte est. Il fraie de novembre à mars.



MASOVOATÔKA

FAMILLE : CICHLIDAE
GENRE : PARETROPLUS
ESPÈCE : PARETROPLUS POLYACTIS
NOM VERNACULAIRE : MASOVOATÔKA

STATUT UICN : **NT** (QUASI-MENACÉ)

DESCRIPTION : Les PARETROPLUS sont des poissons très particuliers à bien des égards et leurs proches parents au sein de la famille sont les trois espèces du genre ETROPLUS du sud de l'Inde et du Sri Lanka, séparées aujourd'hui par 4 000 km d'océan Indien. Il y a environ 45 millions d'années, l'Inde et Madagascar ne formaient qu'une seule entité. Le PARETROPLUS POLYACTIS est un beau poisson non coloré, dont le corps a généralement une couleur de base beige ou rouge sur lequel se détachent des bandes verticales foncées. L'œil est cerclé de rouge, d'où son nom local MASOVOATÔKA qui signifie littéralement "œil d'ivoire". La reproduction se fait de septembre à janvier.

ETAT DES LIEUX : Le genre PARETROPLUS est endémique de Madagascar et c'est certainement l'un des poissons malgaches les plus colorés chez les aquariophiles du monde entier. Son corps est noir ou bleu très sombre, parsemé de points blancs ou parfois bleus. Les FONY sont très caractéristiques et ne peuvent être confondus avec aucun autre poisson. La taille de ses points blancs varie en fonction de l'origine géographique qui suppose souvent des espèces distinctes. Celle qui se trouve dans le canal des Pangalanes est une espèce à petit point qui occupe les eaux douces de la côte est. Il fraie de novembre à mars.



LE CANAL DES PANGALANES, D'UNE LONGUEUR TOTALE DE 400 KM, LONGE LA CÔTE EST DE MADAGASCAR. CONSTRUIT AU DÉBUT DU SIÈCLE PAR L'ADMINISTRATION COLONIALE, IL EST CONSTITUÉ D'UNE SUCCESSION DE CANAUX QUI REJOINT DES LACS, DES RIVIÈRES ET DES LAGUNES NATURELLES. IL EST SÉPARÉ DE L'Océan Indien par une fine bande de terre. La portion du canal qui nous intéresse se situe au nord, dans la région AT SINANANA, ENTRE TOMASINA ET VAKAMANDRY, PARTIELLEMENT DÉLIMITÉE CETTE PORTION EST ACTUELLEMENT NAVIGABLE.

COOPÉRATION :



PROJET RÉALISÉ PAR :



AVEC LA COLLABORATION SCIENTIFIQUE :

Dr Paul V. Loiselle



Direction Régionale de la Pêche Atsinanana

ATSINANANA ANDRO IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY TONTOLO IAINANA

Ny APDRA dia nandray anjara tamin'ireo fankalazana ireo andro iraisam-pirenena ho an'ny Harena voa-janahary ny 21 ka hatramin'ny 24 May 2010 sy ireo andro iraisam-pirenena ho an'ny Tontolo iainana ny 04 ka hatramin'ny 05 jiona 2010. Nisy ny fampirantiana ireo takelaka amin'ny dika teny telo (Malagasy, Frantsay, Anglisy). Ny tanjona dia ny ampahafantatra ny olona ny amin'ny fisian'ireo karazan-trondro zana-tany aty amin'ny faritra Atsinanana, sy ny hanentana ny olona ny amin'ireo loza mitatao amin'ireo harena voa-janahary ary ireo fomba ahafahana miaro izany. Niaraha-nanatontosa tamin'ny Madagascar Fauna Group (MFG) izany.

ATSINANANA JOURNEE MONDIALE DE LA BIODIVERSITE

L'APDRA a contribué à la célébration des journées mondiales de la biodiversité qui se sont tenues à Toamasina du 21 au 24 Mai 2010 et aux journées mondiales de l'environnement du 04 au 05 juin 2010. Des panneaux sur la biodiversité halieutique de la Cote Est ont été exposés en trois langues : Malagasy, Française, Anglaise. L'objectif de cette exposition est de faire découvrir aux acteurs locaux et aux touristes ce patrimoine irremplaçable que représentent les poissons endémiques. Cette action de sensibilisation présente aussi les menaces qui pèsent sur ces espèces ainsi que les moyens pour préserver cette biodiversité. Ces activités sont menées en collaboration l'ONG Madagascar Fauna Group (MFG).

ATSINANANA

Mitohy hatrany ny fianarana ao amin'ny APDRA

Manofana matetika ny teknisiana ao aminy ny APDRA mba ahafahana mamaly tsara ny hetahetan'ny tant-saha. Mbola fanamafisana ny traikefa ara-teknika no nizotra tao Toamasina ny 18 ka hatramin'ny 20 may lasa teo. Notarihan'i Christophe FRANCOIS izay misolo tena ny APDRA ao Cameroun izany.

Nifandimby nandritra ny telo andro ny fiofanana antoratra tao amin'ny biraon'ny APDRA sy an-dobo fiompiana trondron'i Ivoloina.

Lohahevitra maro no novoaboasana nandritra io telo andro io : ny fiompiana trondro tsotra, indrindra izay teknika ahelin'ny APDRA, ny fomba fakana ny trondro ao an-dobo, ny fahasamihafan'ny karazana tilapia sy ny fanavahana ny tilapian'i Nil lahy sy vavy ary ny fomba mahomby fitondrana trondro velona.

Nanatrika ny fiofanana ireo mpantana amin'ny fiompiana trondro ao afovoan-tany sy ny faritra atsianana miampy ireo tompon'andraikitra any amin'ny faritra ary ireo mpianatra asa ao amin'ny APDRA. Afaka nandray anjara koa ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Tao ohatra ny Fari-piadidian'ny jono ao Toamasina, ny ONG CITE sy MFG ary ny tetikasa BVPI SE/HP.

Miandalana anatin'ny fotoana maharitra ny fampiofanana ireo teknisiana mpantana ao amin'ny APDRA. Hisy fiofanana hokarakarina indray atsy ho atsy iarahana amin'ny mpampianatra za-draharaha avy ao amin'ny APDRA ho tonga eto an-toerana. Mikasika ny fanamboarana ny fitaovana fandritana dobo mahomby izany.

ATSINANANA

La formation des techniciens de l'APDRA

Afin de mieux répondre aux besoins des paysans, L'APDRA forme régulièrement ses techniciens. Du 18 au 20 mai s'est tenue sur Tamatave une cession de formation destinée à renforcer leurs capacités techniques. Elle a été conduite par Christophe FRANCOIS, représentant de l'APDRA au Cameroun.

Pendant 3 jours, les cours théoriques et les travaux pratiques se sont succédés dans les locaux de l'APDRA et sur la station piscicole d'Ivoloina.

Plusieurs thèmes ont été traités : les systèmes d'élevage extensif avec notamment le modèle d'étang barrage diffusé par l'APDRA, les tech-

niques de pêche en étang, la différenciation des espèces de tilapia, le sexage du tilapia du Nil et le transport des poissons vivants.

Les 6 animateurs conseillers piscicoles (ACP) en poste de l'APDRA ainsi que les cadres et les stagiaires étaient présents. Les partenaires de l'APDRA ont

également participé à la formation (la Direction des Pêches de Toamasina, les ONG CITE et MFG, le Projet BVPI SE/HP).

La formation des animateurs conseillers piscicoles est un processus qui s'étale sur la durée. D'autres formations sont prévues dans les mois qui viennent avec la venue prochaine d'autres experts de l'APDRA. Le prochain domaine de formation concernera la construction des systèmes de vidange.



Apprentissage de la manipulation d'un filet de pêche dans un étang - Station Ivoloina Toamasina

VAOVAON-TSELATRA...

- Niampy telo ny ekipa ny taona 2010:

-Ao Vakinankaratra: Nanomboka ny volana aprily no nisan'ireo teknisiana roa vaovao hiasa eto Vakinankaratra. Izay dia ao anatin'ny fiaraha-miasan'ny APDRA sy nyBVPI SE/HP.

Fenosoa RAKOTON-DRATSIMBA Maherson Alberto dia misahana ny fanofanana, ny fanentanana ary ny fanarahamason'ireo mpiompy trondro ao amin'ny Kaomina Inananantonana (Distrikan'i Betafo), Ankazomiriotra ary Vinany (Distrikan'i Mandoto).

RAJAONARISON Lala

Hasina kosa nanomboka ny volana may teo no nisahana ireo mpiompy trondron'ny Kaominan'i Mandritsara (Distrikan'i Betafo) sy Vinaninkarena (Distrikan'Antsirabe II).

-Ao Atsinanana : RASOLOFO Haja Arnaud dia nanomboka ny volana may no nandray ny asa maha-talem-paritry ny APDRA ao amin'ny Faritra Atsinanana.

- Mandray mpianatra asa avy amin'ny sekoly maro ny APDRA:

-Ao Toamasina : Mpianatra roa no mamarana ny fikarohana atao ny ankehitriny momba ny fiarovana ny tontolo anaty rano any amin'ny heladranon'ny Pangalana :

HENRI Vinonjy sy MAMONJY Todisoa Edmond : mpianatra taona fahatelo sy fahadimy ao amin'ny GRENE (Gestion de REssources Naturelle et Environnement) n'ny Oniversiten'i Toamasina.


Mpianatra asa roa no miara-mamita ny firaketana ny fomba fiompy trondro misy manodidina ny Toamasina :

Claudia Narindra RAZAFIMAHEFA, mpianatra taona fahatelo momba ny fiompiana ao amin'ny ASJA Antsirabe sy Pauline MENAUT, mpianatra amin'ny Master 2 « Fampandrosoana ny fambolena sy fiompiana » ao amin'ny l'IEDES (Institut d'Etude du Développement Economique et Social), Paris.

-Ao Antsirabe sy Fianarantsoa, Farahasina ANDRIATSILAVINA, mpianatra taona fahadimy ao amin'ny famokarana sy ny fahasalaman'ny biby ao amin'ny ASJA, izay manara-maso ny fikarohana momba ny fanatavizana karpa an-tanimbary mandritra ny voly avotra ao Betafo. Hitohy any Matsiatra Ambony ny asany eo amin'ny fandraisana ny antotanian'ny fanatavizana, miaraka miasa amin'ny teknisiana ao antoerana.

- Noho ny fihitaran'ny toerana iasana amin'ny Distrikan'i Mandoto sy ny kaomina

Ankazomiritra dia nanamarika ny fisiany ny APDRA amin'ny fampahafantarana ny asa ataony nandritra ny foara tany an-toerana ny 16 sy 23 jiona teo sy ny fiseraserana tamin'ireo izay liana amin'ny fiompiana trondro. Nahafahan'ny kaomina nampiseho ny vokatra ao aminy rahateo moa ny hetsika toy izao.



Hasina Vakinankaratra - Arnaud Atsinanana - Fenosoa Vakinankaratra

LES BRÈVES ...

- Trois nouvelles recrues sont venues renforcer l'équipe en 2010 :

Depuis le mois d'Avril 2010, deux nouveaux animateurs/ conseillers piscicoles travaillent sur la Région Vakinankaratra dans le cadre des actions de l'APDRA en collaboration avec BVPI SE/HP.

Fenosoa Rakotondratsimba Maherson Alberto est chargé de la formation, de l'animation et du suivi des pisciculteurs des communes d'Inanan-tonana (District de Betafo), d'Ankazomiriotra et de Vinany (District de Mandoto).

RAJAONARISON Lala Hasina, intervient quant à lui depuis le mois de mai auprès des pisciculteurs des communes de

Mandritsara (District de Betafo) et de Vinaninkarena (District d'Antsirabe II).

Par ailleurs, RASOLOFO Haja Arnaud, depuis le mois de mai, a pris le poste de Directeur Régional de l'APDRA dans la Région Atsinanana.

- L'APDRA accueille des stagiaires de différentes écoles :

A Tamatave,

-Deux étudiants terminent actuellement leurs travaux d'étude de la biodiversité halieutique du canal des Pangalanes :

HENRI Vinonjy et MAMONJY Todisoa Edmond : étudiants en 3ème et 5ème année du département GRENE (Gestion de REssources Naturelle et Environnement) de l'Université de Tamatave.

-Deux étudiantes travaillent en binôme pour réaliser un diagnostic des systèmes d'élevage piscicoles présents sur la zone de Tamatave :

Claudia Narindra RAZAFIMAHEFA, étudiante de 3ème année en Production Animale à l'ASJA Antsirabe et Pauline MENAUT, étudiante en Master 2 « Développement Agricole » à l'IEDES (Institut d'Etude du Développement Economique et Social), Paris.

A Antsirabe et Fianarantsoa

Farahasina ANDRIATSILAVINA, étudiant de 5ème année en Production et Santé Animale à l'ASJA, réalise le suivi des expérimentations de contre saison mises en places sur Betafo. Il interviendra par ailleurs sur la Région Haute Matsiatra pour la collecte des données des activités de grossissement, en appui à la technique de Fianarantsoa.

- L'APDRA a participé aux foires agricoles organisées par les Communes de Mandoto et d'Ankazomiriotra. Les 16 et 23 juin dernier, CSA, CECAM, Power and Water, ONN et FAFIALA ont également participé à ces manifestations.

Il s'agissait pour les deux Communes de promouvoir les produits locaux et d'informer la population de la présence des organismes de développement dans le District.



Edmond Grene - Claudia ASJA & Pauline IEDES - Farahasina ASJA

MATSIATRA AMBONY

Ny fiompiana trondro gasy

Randriamiandrisoa Antoine - Mahavanona Andoharanomaitso
Mpiompy trondro- Kaoperativa MVPT

Mahaliana ny mpiompy trondro ao amin'ny Faritra Masiatra Ambony iny ny fiompiana trondro gasy. Andriamatoa Ndriana, mpiompy avy ao Andoharanomaitso no maniry eto hahazo fahalalana fanampiny eo amin'ny fiompiana trondro gasy. Nampitondra hafatra izy momba izany.

«Miha-tsy hahitana firy ny trondro gasy noho ny fahavitsian'ny olona miompy azy. Tena ankafizin'ny mpihinana anefa ny tsirony ary tsara vidy izy eo amin'ny tsena noho ny karpa aza. Afaka mahazo fanampim-pahalalana momba ny fiompiana ity karazan-trondro ity ve izahay?»

Toetoetry ny trondro gasy

Mpihavana akaiky ny trondro gasy sy ny karpa commune. Raha somary tsy dia mitombo loatra noho ny karpa izy dia manana ny lafiny tsara kosa anefa raha ompiana an-tanimbary satria:

- trondro tia rano milamina
- mahatanty rano tsy dia misy oksizena
- mihinana bibikely dia kely, ny zana-moka sy ny fakofako madinika

Fomba fanatodizan'ny trondro gasy

- Mitovy amin'ny karpa commune ihany ny fanatodizany: miraikitra amin'ny zava-maniry ny atodiny maditidity, ka ny tsirinain'ny lahy no manafoy ny atody mila talatalana ipetrahan'ny atody izy, ohatra ny tsikafina, mba hahatomombana ny fanatodizany.
- Vitsy noho ny atody omen'ny karpa ny atodiny : manome eo amin'ny 50000 - 100000 atody eny ny renin-trondro gasy (100000 - 300000 isan-kilao ny omen'ny karpa)
- Mety matoy dieny fahaherintaonan'ny fiompiana azy ny vavy
- Misy ny fanatodizana rehefa miha-mafana ny andro : tapaky ny septambra ka hatramin'ny novambra.

Fiompiana azy mbola zanany kely

- Elaela kokoa ny fahafoizan'ny atodiny noho ny an'ny karpa: raha 20°C ny hafanan'ny rano, foy ny atody 4 andro aty aorian'ny nanatodizany (raha 3 andro ny an'ny karpa). Raha rano 15°C kosa dia 5 na 6 andro no ilaina.
- Rehefa foy, mbola manana tahirin-tsakafo anaty kitapokely ambany vavany ny zana-trondro. Ho an'ny rano manana mari-pana 20°C, lanyiny tahiriny 4 andro aoriana (3 andro ho an'ny karpa). Raha 15°C kosa, 5 na 6 andro vaolany tahiriny.
- Tahaka ny karpa, afaka afindra ny zana-trondro gasy rehefa feno 4 herinandro na 1 volana ka alefa any an-tanimbary hafa hitombo.

Fiompiana an-tanimbary

Ao Betafo ny mpiompy trondro dia mampiaraka ny fiompiana trondro gasy sy ny karpa. Tsara anefa ny mahafantatra fa mitovy ny sakafo ilain'ny karpa sy ny trondro gasy ka mahatonga azy ireo ho mpifaninana eo amin'ny sakafo. Tokony hojerena tsara izany ny isan'ny trondro rehetra (trondro gasy+ karpa) rehefa hampiditra trondro hoatavizina mba tsy ho be an-toerana loatra.

Afaka mifampiteraka ny trondro gasy sy ny karpa commune

Eo amin'ny trondro, amin'ny maha-mpihavana akaiky azy dia azo atao ny mampifampiteraka azy roa. Trondro antsoina hoe Karpa de Kollar no azo avy eo.

Tsy manatody ny zana-trondro azo avy amin'izay. Mitombo kokoa nohon'ny trondro gasy izy. Rehefa manatody mantsy ny trondro iray dia lany amin'ny famoronana ny nofo sy ny famokarana atody ary ny tsirin'aina ny hery azo avy amin'ny sakafo. Ho an'ireo tsy manatody kosa dia tonga dia mandeha mameno ny nofo ny hery azony ka noho izany no mahaventy azy ireo.

Ka satria tsy manatody ny karpa de Kollar dia tsy azo atao renin-trondro izy. Mila atao isan-taona izany ny fampiterahana ny trondro gasy sy ny karpa raha tiana ho azo antoka ny fanamaroana isa azy.

HAUTE MATSIATRA

L'élevage des carassins dorés

Randriamiandrisoa Antoine - Mahavanona Andoharanomaitso
Pisciculteur de la Coopérative MVPT

L'élevage des carassins dorés semble intéresser quelques pisciculteurs dans la Région Haute Masiatra. M. Ndriana, pisciculteur de la commune d'Andoharanomaitso souhaite obtenir de plus amples informations sur ce type d'élevage. Il nous a fait parvenir ce message.

«Comme peu de gens pratiquent l'élevage de cette espèce, les carassins tendent à se raréfier dans le milieu naturel. Pourtant, cette espèce est appréciée pour son goût et peut se vendre à un prix plus important que la carpe. Pouvez-vous nous donner d'autres informations sur l'élevage de cette espèce ?»

Caractéristiques du carassin doré

Le carassi doré est u cousin de la carpe commune. Si ces capacités de croissance sont plus faibles que celles de la carpe, il présente toutefois des caractéristiques intéressantes pour la rizipisciculture :

- c'est un poisson qui aime les eaux calmes
- il résiste à de faibles teneurs en oxygène de l'eau
- il se nourrit de zooplacton, de larves d'insectes, de petits mollusques et de divers détritus

Reproduction du carassin doré

- Son mode de reproduction est identique à la carpe commune : les femelles pondent des œufs collants sur des végétaux, les œufs étant ensuite fécondés par les mâles. Il faudra donc utiliser un support de ponte, comme par exemple la jacinthe d'eau, pour réaliser des reproductions.

- Le nombre d'œufs produits par une femelle est inférieur à celui de la carpe : une femelle de carassin de 1kg peut produire de 50000 à 100000 œufs (100000 à 300000 œufs par kg pour la carpe)

•A Madagascar, les femelles peuvent être matures dès leur première année d'élevage.

- La reproduction a lieu durant la période où les températures se réchauffent : de mi-septembre à novembre

Elevage larvaire / alevinage

- La période d'incubation des œufs est un peu plus longue que dans le cas de la carpe : si la température de l'eau est en moyenne de 20°C, l'éclosion interviendra environ 4 jours après la ponte (3 jours pour les larves de carpe). Si la température moyenne de l'eau est de 15°C, 5 à 6 jours seront nécessaires.

- Lors de l'éclosion, les larves possèdent également une réserve de nourriture située sous le corps appelée réserve vitelline. Pour une température moyenne de l'eau de 20°C, cette réserve de nourriture sera épuisée au bout de 4 jours (3 jours pour les larves de carpes). Si la température moyenne de l'eau est de 15°C, 5 à 6 jours seront nécessaires pour épuiser ces réserves.

- Comme pour la carpe, les alevins peuvent être récoltés au bout de 4 semaines pour être empoissonnés dans les rizières.

Elevage en rizière

A Betafo, les pisciculteurs associent l'élevage des carassins à celui de la carpe. Toutefois, certaines précautions sont à prendre : le carassin se nourrit des mêmes aliments que la carpe et constitue donc un concurrent. Il faut donc prendre en compte le nombre total de poissons (carpe + carassins) lors de l'empoissonnement pour ne pas induire de surdensité dans les parcelles.

Possibilité de croisement entre la carpe commune et le carassin

Comme ces deux espèces sont de famille proche, il est possible de les reproduire. Les poissons obtenus sont appelés « carpe de Kollar ». Les alevins produits sont stériles. Cette stérilité leur confère une capacité de croissance plus importante que celle du carassin. En effet, pour un individu non stérile, l'énergie provenant de la nourriture est destinée à la fois à la production de chair et à la production d'œufs ou de sperme. Pour un individu non stérile, toute l'énergie ingérée sous forme d'aliment est dédiée à la production de chair, ils grossissent donc plus vite que les individus non stériles. Puisque les carpes Kollar sont stériles, elles ne peuvent être utilisées comme géniteurs. Il faudra donc réaliser une reproduction carassin doré/carpe tous les ans



VAKINANKARATRA

Ifotero fa asa mahavelona ny fiompiana trondro an-tanimbary

Raheridinah Pierre

«Ny tenako izay manoratra dia mpiompy trondro ato amin'ny Kaominina Antsoso Miarinavaratra. Tanora vao mihary aho satria 18 taona izao manoratra izao. Nanomboka ny faha-14 taonako aho no niompy trondro. Niaina tamin'ny fomba gasy no nampiasaiko tamin'izany. Azo lazaina fa vitsy ny vokatra tamin'izany fotoana izany ary izaho tsy mba isan'irony mpanisa zana-trondro irony teo aloha.

Nanomboka tamin'ity taona ity aho dia hafa noho ny fisian'ny mpampiofana trondro. Nety tamiko ny nahare fa misy tekisianina mpampiofana ny fiompiana trondro ety aminay. Noho izany nirotsaka niditra ho mpikambana mpiompy trondro aho.

Faly aho satria nahita vokatra avo roa heny tamin'ny famokarana zana-trondro. Ny asako ao dia mampiteraka. Ny fampiterahana no natao satria antoky ny fahavara-tratra ny vidin'ny zana-trondro. Ho an'ny fanatavizana indray dia efa miroso mian-dalana manatsara azy aho; raha mbola nitohy ny asa fiompiana dia nanao fiofanana fanatavizana izahay. Tsara tokoa raha ny vokatra noho ireo fampianarana azo tamin'ireo tekisianina. Vao maika nitombo satria mbola nahitana ireo karazana fiompiana hatrany Fianarantsoa aza sy ireo fanamasahana...

Eto aho dia mirary soa ho anareo mpiompy trondro rehetra mba handray ireo mpampiofana trondro ary manamafy fa asa fivelomana mihoatra noho ny eritreretina aza ny fiompiana rehefa tsara karakara. Ny trondro azo ny vokatra avo roa heny amin'ny fanamasahana ny rano. Ary mbola mirary soa ho an'ny mpiara-miasa rehetra ao ny APDRA sy ny BVPI. Faly tokoa aho satria maro ireo tombotsoa azoko taminareo koa enga anie hateza eo amin'ny asanareo ianareo. Vonona aho handray ireo toro-hevitra aminareo tekisianina ary mbola hiezaka hanatsara ny vokatra satria manampy ahy hanana ny fahaleovantenako eo amin'ny fanatsarana ny fiompiana trondro izany.»

VAKINANKARATRA

L'élevage de poissons : un apport de nourriture et un revenu supplémentaire

Raheridinah Pierre

«Je suis âgé de 18 ans et suis pisciculteur de la commune d'Antsoso Miarinavaratra. Durant quatre ans j'ai pratiqué la pisciculture de façon traditionnelle mais je n'étais pas satisfait des résultats de production, je ne prenais même pas la peine de compter les alevins que j'avais produit.

Depuis cette année, des techniciens nous accompagnent sur les activités de pisciculture. Depuis que nous travaillons ensemble, mes résultats de production d'alevins ont doublé et ceci a permis d'augmenter nos revenus durant la période de soudure.

Les formations sur le grossissement de la carpe en rizières nous ont permis d'améliorer nos résultats. Du fait de l'application de nouvelles techniques, notamment celle de la fertilisation, la croissance des poissons était meilleure cette année.

Je souhaite que tous les pisciculteurs puissent bénéficier de l'appui des

conseillers piscicoles. Les poissons constituent un aliment de bonne qualité, un revenu et, placés dans les rizières, ils permettent d'augmenter les rendements de riz.

Je souhaite succès et réussite à tous les paysans partenaires de l'APDRA et BVPI. Je suis prêt à accueillir les techniciens et à suivre leurs conseils. Je m'appliquerais dans la pratique de cette activité pour augmenter ma production.»



Une famille de producteur - Mandritsara Betafo

FILAZANA

ANNONCE

Chers lecteurs de LA VOIX DES (RIZI)PISCICULTEURS !

Pour passer une annonce ou nous soumettre des articles, contactez dès maintenant le 44 915 85 ou à notre bureau APDRA à «La Résidence Sociale», en face de la Cité Volavita Antsirabe.

Raha misy «Filazana» na «Taratasy» tiana alefa an-gazety: miantsoa dieny izao ny 44 915 85 na manatona ny birao APDRA ao amin'ny «La Résidence Soaciale», ampitan'ny Cité Volavita Antsirabe.

ou/na journal.LVRP@moov.mg

FILAZANA

ANNONCE

Fanentan'ny Fari-piadian'ny Jono eto Vakinankaratra
Information de la Direction des pêches Vakinankaratra (DRP)
Tetiandro fanentanana itetizam-paritra
Calendrier de descente du personnel de la DRP

Antanifotsy: 05 jolay- Ambatolampy: 15 jolay- Faratsiho: 22 jolay- Mandoto: 05 aogositra - Betafo: Septambra 2010. Afaka manatona ny birao mivantana eto Antsirabe izay mila fanazavana fanampiny. Mitohy ny fanentanana ny fiompiana patsa be amin'ny faritra andrefana mafana sy ny fiompiana troity amin'ny faritra mangatsiaka: Faratsiho, Ambatolampy sy Ambohibary. Manentana koa ny mpamboly vary mba hampitombo ny trondro ompiany.

Fisafidianana ny reniny sy lahin-trondro eo amin'ny karpa commune

I. Fidio ny reniny sy ny lahin-trondro eo amin'ny habeny

Izay tena lehibe no tsara satria :

-Ireo ray aman-dreny tsara fitombo no hamokatra zanaka toraka izay

-Miankina amin'ny habeny renin-trondro ny isan'ny atody omeny : afaka manome atody 100000 ka hatramin'ny 300000 ny renin-trondro 1 kg.

Manomana ny fanatodizana ny lahy sy ny vavy mandritra ny taona. Noho izany, tokony hahazo ny sakafo sahaza azy mandavantaona izy ireo.

- Homena sakafo matetika izy

-Tehirizina amin'ny toerana izay azo antoka ny fahazoany sakafo betsaka izy ireo.



II. Fidio ny reniny sy ny lahin-trondro eo amin'ny endriny

• Misykarazany 4 ny firafitry ny kirany eo amin'ny vatan'ny karpa commune:

• Tsy tsara ny reniny sy ny lahin-trondro karpa CUIRS sy LINEAIRES satria raha hampifampiterahina ireo dia 25% 'ny atody no ho faty.

Noho izany, aleo tsy mihakira karpa CUIRS sy LINEAIRE amin'ireo trondro ampiterahina

Raha te-hanana karpa tsy misy kirany ianao dia fidio ny karpa miroir mitovitovy amin'ny karpa cuir.

• Ahoana àry no anavahana ny karpa miroir tsy misy kirany amin'ny karpa cuir ? Isao ny taola-malemy amin'ny vombony an-damosina

• Raha latsaka na tena 16 no isan'ny taola-malemy dia karpa CUIR.

• Raha 19 noho mihoatra no isany dia karpa MIROIR

• Raha 17 na 18, dia karpa CUIR na karpa MIROIR Mba hahamari-pototra ity fahatelo dia isao ny kirany milahatra eo am-bany vombony an-damosina. Raha misy 12 noho mihoatra dia karpa MIROIR.

III. Saraho ny lahy sy ny vavy dieny volana jolay

• Mahomby kokoa ny fampanatodizana rehefa ampy ny fotoana hanasarahana ny reniny sy lahiny 2 volana mialohan'ny fampanatodizana.

• Tokony tsy hifandray ny ranon'ny dobo misy ny lahy sy ny vavy raha tsy

izany dia hohonen'ny vavy ny fisian'ny lahy ka hampanatody azy, na tsy mifanerasera aminy aza ny lahy

• Mamokatra tsirin'aina betsaka kokoa ny lahy rehefa voahaja ny fotoana hisarahany amin'ny vavy.

La sélection des géniteurs de carpe commune

I. Choisir ses géniteurs selon leur taille

Choisir les mâles et les femelles les plus gros car :

-des géniteurs ayant une bonne croissance produiront des alevins ayant les mêmes caractéristiques

-le nombre d'œufs produit par une femelle est dépendant de son poids : un géniteur femelle de 1 kg peut donner de 100000 à 300000 œufs.

Les mâles et les femelles préparent la reproduction tout au long de l'année, il faut donc s'assurer qu'ils aient assez de nourriture à disposition.

-Leur apporter régulièrement de la nourriture

-Les stocker dans un lieu où la nourriture est abondante.

II. Choisir ses géniteurs selon le type d'écaillure


Il existe 4 types d'écaillure chez la carpe commune: la carpe écaillée, la carpe cuir, la carpe linéaire et la carpe miroir. Parmi ces 4 types :

• Les carpes CUIRS et LINEAIRES ne sont pas de bons géniteurs

car si on les croise entre elles, 25% des œufs fécondés meurent.

Il faut donc éliminer les carpes CUIRS et LINEAIRE du stock de géniteurs. Si l'on préfère les carpes sans écailles : il faut choisir des carpes miroirs ressemblant à des carpes cuirs


• Comment différencier les carpes miroirs sans écailles des carpes cuirs ? Compter le nombre de rayons mous sur la nageoire dorsale



• Si le nombre de rayons mous est inférieur ou égal à 16, c'est une carpe CUIR

• Si le nombre de rayons mous est supérieur ou égal à 19, c'est une carpe MIROIR

• Si le nombre de rayons mous est de 17 ou 18, c'est une carpe CUIR ou une carpe MIROIR Il faut donc compter les écailles qui se suivent sous la nageoire dorsale. S'il y en a 12 ou plus de 12, c'est une carpe MIROIR.



III. Séparer les mâles et les femelles dès le mois de juillet

• La reproduction aura plus de chance de réussir si les géniteurs sont séparés 2 mois avant leur reproduction.

• L'eau de l'étang des mâles ne doit pas communiquer avec celui des femelles sinon les

phéromones des mâles risquent de déclencher la ponte des femelles, malgré l'absence des mâles

• Les mâles produisent plus de sperme s'ils sont complètement séparés des femelles.